Andalan-teny fototra - Galatiana 4:21-31.

A Ny fanekena natao tamin'i Adama sy Eva

- Talohan'ny fahotana (Genesy 2), dia ireto andinindininy ireto ho an'ny olombelona no voafaoka, fara-fahakeliny tao amin'ilay fanekena:
  - Mitandrina ny Sabata (and. 3)
  - Mikarakara ny zava-boahary (and. 15)
  - Tsy mihinana ny voankazo voarara (and. 17)
- Nazava tsara ny hoe: mankatoava dia ho velona ianao! Mazava loatra fa azon'i Adama sy Eva natao ny nanaja ilay fanekena, satria zava-boahary nanana ny fahatanterahana izy ireo.
- Satria tsy nankato izy ireo, dia nanao fanekena vaovao Andriamanitra, dia fanekem-pahasoavana, miorina amin'ny fampanantenana ny hiavian'ny Mpamonjy (Genesisy 3:15)

B Ny fanekena natao tamin'i Abrahama.

- Nanome toky an'i Abrama Andriamanitra ny amin'ny hahazoany taranaka, ka nanao fanekena mafy orina taminy tamin'ny nandehanany teo afovoan'ny fatin'ireo biby natao fanatitra (Genesisy 15:9-21).
- Tamin'ny alalan'izany no nanehoan'Andriamanitra fa ny ainy mihitsy no antoka ho an'ilay fanekena. Ary natolony teo Kalvary ny ainy ho fanatanterahana ilay teny fikasana.

D Saraha sy Hagara.

- Ny fahadisoana voalohany nataon'i Abrama dia ny nandao ny tany nampanantenana mba ho any Egypta. Niharoharo tamin'ny olona manodidina an'i Abrahama ny andevo Egyptiana sasany nomen'ny Farao an'i Saraha. Iray amin'izy ireo i Hagara.
- Momba Saray, ka rehefa niandry folo taona izy dia nihevitra fa afaka hanan-janaka lahy amin'ny alalan'ny fanaovany ny andevony ho "reny mpisolo" hahazoany zanaka.
- Arak'izany dia ezak'olombelona no nahazoana an'i Ismaela ("araka ny nofo") fa Isaka kosa dia zanak'i Saraha ary vokatry ny finoana ("tamin'ny teny fikasana", Galatiana 4:23).

E Hagara sy Sinay.

- Tsy vitan'ny vahoakan'Andriamanitra ny nanaja ilay fanekena, satria tamin'ny herin'ny tenany no niezahany hanatanteraka izany ary nataony ambinambiny ny finoana (Hebreo 4:2; Eksôdôsy 19:8).
- ***Tahaka ny niezahan'i Abrahama sy Saraha hanampy an'Andriamanitra tamin'ny fanantanterahany ny teny fikasany, ny Israelita koa dia niezaka hamadika ny fanekem-pahasoavan'Andriamanitra ho fifanarahana araka asa. Tandindona maneho an'i Sinay i Hagara, satria samy maneho ireo fa tsy afaka ny hahazo famonjena amin'ny alalan'ny ezaka ataon'ny tenany ny olombelona*.**

D Ismaela sy Isaka.

- Tsy afa-miaraka velively ny famonjena amin'ny alalan'ny asa sy ny famonjena amin'ny alalan'ny finoana. Tsy maintsy "ariantsika" ny iray amin'ireo fomba fikatsahana famonjena ireo (Galatiana 4:30).
- Nanaraby an'i Isaka i Ismaela ho maka ny anjara lovany. Ny "zanaky ny nofo" koa dia manaraby ny "zanaky ny Fanahy."

“ary amin'ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany.” (Genesisy 26:4)

ABRAMA

I Hagara dia fanomezana avy amin’ny Farao, andevo. Saraha dia vadin’i Abrama ara-dalàna.

HAGARA

SARAHA

Nahery setra i Ismaela. Nalemy paika kosa i Isaka.

ISMAELA

ISAKA

Misy olona mijery ny Sinay ary miezaka hovonjena amin’ny alalan’ny asany. Isika kosa mijery an’i Kristy ary vonjena amin’ny alalan’ny finoana.

SINAY

NY TENY FIKASANA

Misy olona matoky ny zava-bitany eto amin’izao fiainana izao. Isika kosa matoky izay efa nataon’Andriamanitra ho antsika.

JEROSALEMA ARAK'IZAO TONTOLO IZAO

JEROSALEMA VAOVAO

Misy olona andevozin’ny asany. Isika kosa afaka ao amin’i Jesosy Kristy Mpamonjy antsika.

ANDEVO

AFAKA